Fomba Fiaina Mampifaly An'Andriamanitra

(Fizarana 3)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 12, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

TENA ILAINA VE NY MIEZAKA MAMPIFALY AN'ANDRIAMANITRA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Mahasoa sady tsy sarotra be ny zavatra asain'i Jehovah ataontsika.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 12, fehintsoratra 17-19.)

Vakio ny Isaia 48:17, 18.

Inona avy ny soa raisintsika rehefa manao izay asain'i Jehovah ataontsika isika?

_____

_____

_____

Vakio ny Deoteronomia 30:11-14 sy ny Salamo 103:14.

Rehefa jerena ireo andinin-teny ireo, ahoana no ahitantsika hoe tsy mitaky zavatra tsy ho vitantsika mihitsy i Jehovah?

_____

_____

_____

Tsy maintsy esorintsika ny akanjontsika rehefa maloto, dia soloana akanjo madio. Tokony hesorintsika hoatr'izany koa ny toetra taloha, dia miezaka hanana toetra vaovao isika

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Tokony hiezaka mafy isika mba hanana fomba fiaina mampifaly an'Andriamanitra.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 12, fehintsoratra 20-22.)

Vakio ny Romanina 12:9.

Tsy ampy ny hoe tsy manao izay zavatra halan'i Jehovah. Nahoana?

Vakio ny Kolosianina 3:9, 10.

Ankoatra ny hoe manala ny "toetra taloha", inona koa tokony hataontsika raha te hampifaly an'Andriamanitra isika?

Inona avy ny soa raisinao rehefa miezaka mitafy ny "toetra vaovao" ianao?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Izaho efa hoatr'izao mihitsy, fa tsy afaka miova izany.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mety hieritreritra hoatr'izany. Tsy mino an'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Maneritery be ny lalàn'Andriamanitra.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Marina fa nomen'Andriamanitra lalàna momba ny fitondran-tena mety sy tsy mety isika. Mino anefa aho hoe tena mahasoa antsika ireny lalàna ireny satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania